REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# Ny mpanolotsainan' ny Tanàna



Novokarin'ny :

Tarihin'ny :

Oktobra 2024

# Fanoroam-pejy :


I. Ny maha mpanolotsainan'ny Tanàna ........ p.2

II. Ny filankevitry ny Kaominina ........ p.3

III. Fandaminana sy fomba fiasan'ny filankevitra ........ p.5

1). Fivoriana voalohany ........ p.5

2). Firafitry ny harifenitra ........ p.6

3). Fivorian'ny Filankevitra (session) ........ p.6

4). Fivoriana ara-potoana ........ p.7

5). Fivoriana tsy ara-potoana ........ p.7

6). Fitsipika anatiny ........ p.10

7). Fomba fanapahan-kevitra ........ p.10

8). Ny fitaovam-piasan'ny Filankevitra ........ p.12

IV. Ny Vaomiera ........ p.13

1). Fananganana ny Vaomiera ........ p.13

2). Fomba fiasan'ny Vaomiera ........ p.14

VI. Fanalàna tsy ho mpikambana ........ p.15






# I. Ny maha mpanolotsain'ny Tanàna :

Ny asan'ny Mpanolotsain'ny Tanàna dia andraikitra amin'ny maha olom-boafidy, tsy andraisana karama na tombontsoa manokana hafa ankoatry ny tambin-karama izay efa voafaritry ny didy aman-dàlàna manan-kery (didim-pitondrana laharana 2018-162 sy 2018-427).

Tsy mpiasan'ny Kaominina ny mpanolontsaina ary andraikitra tsy afaka miaraka ary tsy azo afangaro amin'ny asan'ny Mpanatanteraka.

Tompon'andraikitra miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna ny mpanolotsaina amin'ny :

- Fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena ny Kaominina ;
- Fitantanana mahomby ny Kaominina ;
- Fandamininana sy fandrindrana ny fiaraha-monina.



# II. Ny filankevitry ny kaominina :

***Ny tsara ho fantatra***

- Ny Filankevitra dia rafitra mpanapakevitra sy mpanaramaso ny fitantanana ny Kaominina ;
- Tsy rafitra mpanatanteraka ny Filankevitra ka tsy mitsabaka amin'ny fitantanana ataon'ny mpanatanteraka.



***TANDREMO !***



- Tsy afaka mandray na misahana ny andraikitra voafaritry ny lalàna ho an'ny Ben'ny Tanàna ny Mpanolotsaina ;
- Tsy afaka mandray anjara amin'ny fifaninana tsenam-panjakana ataon'ny Kaominina iandraketany ny mpanolotsaina noho izany tsy mahazo manao fifanarahana famatsiana fitaovana na fanatanterahana izay servisy sy asa fanorenana ifanaovana amin'ny Kaominina naha voafidy azy ho mpanolotsaina ;
- Tsy mahazo mitady tombontsoa manokana amin'ny fitrandrahana na fampiasana ny fananana sy fitaovan'ny Kaominina ny mpanolontsainan'ny Tanàna.



# III. Fandaminana sy fomba fiasan'ny filankevitra :

## *1) Fivoriana voalohany*

Ny solontenam-panjakana (ny Prefe na ny Lehiben'ny Distrika) no miantso ny fivoriana voalohan'ny Filankevitra, herinan'andro aorian'ny famoahana amin'ny fomba ofisialy ny vokatrin'ny fifidianana ;

Mandritra ny fivoriana voalohany ny mpanolontsaina zokiny indrindra no mitarika ny fotoana ary izay zandriny indrindra no manao ny fitanana an-tsoratra.



## 2) Firafitry ny harifenitra

Toy izao manaraka izao ny filaharana eo anivon'ny Filankevitra :

- Ny Filohan'ny Filankevitra ;
- Ny Filoha lefitra ;
- Ny mpampaka-teny ;
- Ny mpikambana hafa araka ny fizokiana ara-taona.

Omena ny Ben'ny Tanàna ny lisitry ny mpikambana amin'ny Filankevitra izay manaraka izao filaharana izao mba ho ampitainy amin'ny solotenam-panjakana.

## 3) Fivorian'ny Filankevitra (session)

Ny fivorian'ny Filankevitra no andinihina sy andraisan'ny mpanolotsaina fanapahan-kevitra mahakasika ny raharaha sy ny tandrifim-pahefan'ny Kaominina. Ny Filohan'ny Filankevitra no miantso ny fivoriana ka misy fiantsoana an-tsoratra araka ny fepetra voaloazan'ny làlàna manan-kery.



### 4) Fivoriana ara-potoana

Mivory ara-potoana **in-droa isan-taona** ny Filankevitra :

#### *Fivoriana voalohany :*

Mandritra ny telo volana voalohany :

- fanaovana tatitry ny asa vita sy ny fanatanterahana ireo tinapaky ny filan-kevitra ;
- fandinihina sy fandaniana ny kaotim-pitantanana ny taom-piasana teo aloha sy ny teti-bola fanampiny ho an'ny taona itsahana.

#### *Fivoariana faharoa :*

Mandritra ny telo volana fahatelo no handinihana sy handaniana ny tetibola voalohany (budget primitif) ho an'ny taom-piasana ho avy.

### 5) Fivoriana tsy ara-potoana

Afaka manao fivoriana tsy ara-potoana tsy mihoatra ny in-dray isam-bolana ny Filankevitra ary tsy mihoatra ny telo andro araka ny filàna. Ny Ben'ny Tanàna,  na ny antsasa-manilan'ny mpikambana, na koa ny solontenam-panjakana mahefa no mangataka izany fivoriana izany.



***Ny tsara ho fantatra***

- Ny Filohan'ny Filankevitra no manao sonia ny fiantsoana fivoriana fa tsy ny Ben'ny Tanàna.
- Ny Filohan'ny Filankevitra ihany koa no mitarika ny fivoriana nefa afaka mamindra izany amin'ny Filoha Lefitra izy.
- Tsy maintsy alefa any amin'ny trano fonenan'ny mpanolotsiana tsirairay 10 andro mialohan'ny fivoriana ny taratasy fiantsoana ahitana mazava ny lahadinika sy ny tetiandron'ny fivoriana miaraka amin'ny atotataratasy na atotakevitra ho dinihina mandritra ny fivoriana. Mihena ho 3 andro kosa ny fetr'andro iantsona fivoriana manaraka raha tsy feno ny isa takiana tamin'ny fivoriana voalohany.
- Ny Ben'ny Tanàna na ny solotenany na ny solotenampanjakana dia afaka manatrika sy mandray anjara amin'ny ady hevitra eo anivon'ny fivorian'ny Filankevitra. **Tsy manana zo hifidy kosa izy ireo** mandritra ny fanapahan-kevitry ny mpanolotsaina.
- Raiketina anaty fitantanana an-tsoratra ny fizotran'ny fivoriana.



***TANDREMO !***

- Ny fivorian'ny Filankevitra mahafeno ny fepetra voafaritry ny didy aman-dalàna ihany no andraisana tambin-karama na fanonerana ny saran-dàlana ho an'izay monina lavitry ny rehivohitry ny Kaominina ;
- Alamina tsara ny fitanana an-tsoratry ny fivoriana rehetra ;
- Alefa atao **« côté et paraphé »** any amin'ny solontenam-panjakana ny rejistry ny fanapahan-kevitra lanian'ny Filankevitra ;
- Ny fanapahan-kevitra rehetra lanian'ny Filakevitry ny Kaominina dia ampadalovina any amin'ny Solontenam-panjakana avokoa, mba hohamarinina araka ny lalàna manan-kery. Tsy maintsy atao peta-drindrina ny fanapahan-kevitra rehetra.



### 6) ***Fitsipika anatiny***

Tsy maintsy mandrafitra fitsipika anatiny ifampifehezany manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny Filankevitra.

### 7) ***Fomba fanapahan-kevitra***

Afaka miroso amin'ny fifidianana ho fanapahana ny Filankevitra rehefa mahafeno mihoatra ny antsasa-manilan'ny mpikambana ;

Azon'ny be sy ny maro atrehana ny fivorian'ny Filankevitra. Afaka mangataka fivoriana tsy azo atrehan'ny be sy ny maro kosa anefa ny Ben'ny Tanàna, na ny Filohan'ny Filankevitra, na ny ampahefatry ny isan'ny Mpanolotsaina ;

Ny maro an'isa eo anivon'ny Filankevitra no manao ny fanapahana. Raha toa ka mitovy ny vato azon'ny hevitra tsirairay, dia ny safidin'ny Filohan'ny Filankevitra no lany ;

Ny mpanolotsaina tsirairay no manana zo ifidy fa afaka mamindra fahefana amin'ny mpanolontsaina hafa izy aneho izany zony izany. Fanomezam-pahefana ifidy iray ihany no azon'ny mpanolontsaina iray iantsorohana ;

Manan-kery manokana ny vaton'ny Filohan'ny Filankevitra raha sendra mitovy ny isam-bato.



***Tsara ho fantatra***



- Ny Filoha sy ny mpapaka-teny no miara-manao sonia ny fitanana an-tsoratra. Ampiarahana amin'ny mari-pahatongavana (fiche de présence) isan'andro ny fitanana an-tsoratra ;
- Ny hevitra tapaky ny Filankevitra voamarina araka ny lalàna dia tsy maintsy tanterahan'ny Ben'ny Tanàna ;
- Omena ny mpanatanteraka hatrany ny dika mitovy ny fitanana an-tsoratry ny fapahana vita sonia ho ampitainy any amin'ny solotenam-panjakana sy ho atao peta-drindrina, ary ho tanterahina



## *8) Ny fitaovam-piasan'ny Filankevitra*

Ankoatry ny fitaovam-piasana madinika sy ny birao ho efitrano fivoriana dia mila manana ireto fitaovana ireto ny Filankevitra :

- Ny rejistry ny fanapahana ;
- Ny *« classeurs »* itehirizana ny rejisitry ny fanapahana voasokajy isan-taona ;
- Ny rejisitry ny fitanana an-tsoratra ;
- Kahie fifandraisana na ny *«cahier de transmission»* ;
- Ny *« classeurs »* itehirizana ny rejisitry ny fanapahana voasokajy isan-taona.



# IV. Ny vaomiera :

## 1) Fananganana ny Vaomiera

- Fanapahan'ny Filankevitra no enti-manangana ny Vaomiera ;
- Ny mpikambana anaty Vaomiera no miasa mialoha ho fanomanana ny fivorian'ny Filankevitra ;
- Ny fitsipika anatiny mifehy ny Filankevitra no mamaritra ny isa, ny sokajiny ary ny isan'ny mpikambana isam-baomiera ;
- Tsy maintsy mikambana anaty vaomiera iray farafahakeliny ny mpanolotsaina iray.



## 2) ***Fomba fiasan' ny Vaomiera***

Ireo Vaomiera fototra mahazatra :

- Vaomieran'ny vola ;
- Vaomieran'ny asa sosialy, kolotsaina sy ny fanatanjahan-tena ;
- Vaomieran'ny fanjariana ny tany sy ny fanana-tany ary ny fahadiovana ;
- Vaomieran'ny serasera sy ny fifandraisana ary ny fanentanana ny mponina ;
- Vaomieran'ny fitondrana tsara tantana sy ny ady amin'ny kolikoly.

Raha maro ny mpikambana ao anaty Vaomiera dia mifampifidy izy ireo ka mametraka Filoham-baomiera sy Lefitra ;

Mandinika mialoha ny lahadinika mahakasika azy ny Vaomiera tsirairay mialohan'ny andinihina sy andaniana izany eo anivon'ny Filankevitra ;

Tsy azahoana tambin-karama toy ny fivorian'ny Filankevitra ny asam-baomiera ;

Afaka miantso olona hafa misolo tena ny mponina, na teknisiana avy amin'ny servisy teknikam-panjakana na avy amin'ny mpiara-miobon'antoka ny Vaomiera tsirairay avy raha ilainy iara-mandinika aminy. Tsy manapa-kevitra izy ireo.




# V. Fanalàna tsy ho mpanolotsaina :

Mety hisy fialana na fanalana olona iray tsy ho isan'ny mpanolotsainan'ny tanàna raha toa ka mametra-pialàna na alàna noho ireto antony ireto:

- Tsy fahatongavana mivory intelo misesy nefa tsy misy antony mazava na voaporofo ;
- Fanaovana fahadisoana goavana eo amin'ny fanatanterahana ny asan'ny mpanolotsaina .

Toy izao ny dingana arahina amin'ny fanalàna sy fanoloana mpanolotsaina iray :

1. Fitanana an-tsoratra manamarina ny fahabangana na fahadisoana ;
2. Fangatahana fanazavana any amin'ilay mpanolotsaina voakasika, avy amin'ny Filohan'ny Filankevitra ;
3. Fanapahana raisin'ny Filankevitra manapaka ny fanalàna ilay mpanolotsaina ;
4. Fampitana ny taratasy any amin'ny solotenam-panjakana izay mandefa dika mitovy any amin'ny Ministry ny atitany ;
5. Fampitan'ny solotenam-panjakana ny taratasy any amin'ny Fitsarana avo momba ny Lalàm-panorenana izay manambara ny fanalàna ilay mpanolotsaina sy manendry ny hisolo toerana azy.



# Fitanana an-tsoratra ny fanapahan'ny Filankevitra Kaominaly

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

FARITRA : ................
DISTRIKA : ...............
KAOMININA : ..................

FITANANA AN-TSORATRA N° .........

Ny fivorian'ny Mpanolotsain'ny Tanàna

Tamin'ny............ka hatramin'ny................

Ny taona efatr'ambiroapolo sy roarivo faha (andro-volana-ora)..............,dia nivory (ara-potoana/tsy ara-potoana) tao amin'ny toerana mahazatra ny mpanolotsain'ny Tanàna, araka ny fiantsoana nataon'ny Filohan'ny mpanolotsiana, maharitra............ andro, araka ny lalàna 2014-020 andininy........, araky ny peta-drindrin'ny Kaominina.

Ireo tonga niatrika ny fivoriana :

- .....................................
- .....................................
- .....................................

Nahatonga taratasy fialan-tsiny ................

Tsy nahatonga taratasy fialan-tsiny ................

Nanome fisoloan-tena ................

Maro an'isa ireo mpnaolotsaina am-perin'asa tonga, izay nahatratra ....... isa. Atoa/ Rtoa .................. no nanao ny fitànana an-tsora ny fivoriana.

Nitarika ny fivoriana ny Filohan'ny mpanolotsaina ary nanokatra ny fivoariana, ary nanazava avy hatrany ny mahakasika ny atom-pivoriana :

- .....................................
- .....................................
- .....................................

Nandray fitenenana manaraka Andriamatoa Ben'ny Tanàna, namelabelatra sy nanazava mikasika ireo lahadinika .....................

Rehefa natao ny ady hevitra dia nolanian'ny mpanolotsaina tonga nanatrika ny fivoriana ny .................... hoan'ny kaominina ................

Nifarana tamin'ny andro sy ora voalaza ery ambony ny fivoriana ......................

**NY MPAMPAKATENY** **NY FILOHAN'NY MPANOLOTSAINA**

**NY MPIKAMBANA**

# Ny Mpanolotsainan'
## ny tanàna

